



ALLIANCE

POUR L'INDUSTRIALISATION DURABLE

Charte pour la Constitution d'une ALLIANCE POUR L'INDUSTRIALISATION DURABLE



FIV. MPA. MA
FIVONDROAN'NY MPANDRAHARAHAMALAGASY
GROUPEMENT DE PATRONAT MALAGASY
MALAGASY ENTREPRENEURS ASSOCIATION



ATAMBARO NY HERY!
MITOHY NY TOLONA!





◀ PREAMBULE

Nous, entrepreneurs et producteurs, syndicats des travailleurs et chercheurs, nous sommes rassemblés afin de constituer une ALLIANCE POUR L'INDUSTRIALISATION DURABLE de MADAGASCAR.

Conscients de la stagnation économique qui se traduit par la misère sociale, le chômage et la paupérisation croissante de la population, nous avons pris la décision de sortir du silence, de joindre nos forces et de surmonter les différends qui existent entre nous, afin de redresser la situation et d'arriver à une nouvelle orientation de la politique économique du pays.

Nous avons l'ambition d'améliorer le système économique actuel qui est la cause du sous-développement et de la marginalisation de notre pays sur le plan global. Ce système est basé essentiellement sur l'exploitation des ressources naturelles en vue de l'exportation. Et ce, pour le seul bénéfice d'une minorité. Pour nous, la richesse de Madagascar doit être basée sur l'ingéniosité de ses entrepreneurs, sur le zèle et la ferveur de ses travailleurs, sur l'assiduité et la persévérance de ses producteurs.

Si le pays se trouve à l'heure actuelle dans cet état, c'est parce que le système économique et la politique y afférente s'opposent à l'émergence de ces forces. Nous avons pourtant l'ambition de bâtir une économie basée sur la production, une économie qui valorise la transformation, une économie orientée vers le renforcement du marché intérieur et destinée à satisfaire d'abord les besoins de notre population.

Nous visons avec cette charte à affirmer devant nos concitoyens et la nation toute entière la nécessité absolue d'une industrialisation durable et inclusive. Cette nécessité est évidente car elle est basée sur des raisons à la fois politique, économique et sociale.

Il est reconnu de par le monde aujourd'hui que l'industrialisation constitue une étape incontournable dans le développement économique d'une nation. Les théories de développement les plus modernes, ainsi que les plus récents cas de réussite économique en Asie, en Afrique et en Amérique Latine démontrent que l'industrialisation constitue la seule issue pour sortir de la dépendance et de la pauvreté de masse. L'industrie manufacturière représente le cœur de toute économie, c'est à travers elle que l'innovation et le progrès technique auront le plus d'impacts, et amélioreront par la suite la productivité de la main d'œuvre, et par conséquent la qualité de vie de la population toute entière.

A Madagascar, nous avons l'ambition de surmonter la stagnation économique que notre pays vit depuis 60 ans. L'objectif de notre alliance est de pousser le pays vers une industrialisation rapide qui mettra en valeur nos grandes potentialités, agricole et minière, ainsi que de valoriser notre population qui est jusqu'ici contrainte au sous-emploi et à une improductivité qui ne correspondent ni à ses potentiels ni à ses ambitions.

Nous, entrepreneurs et producteurs, travailleurs et chercheurs, marquons ici notre volonté et notre ambition à contribuer à la hauteur de nos possibilités et confirmons nos engagements à aller dans le sens de ce redressement de notre système économique.



◀ NOS ENGAGEMENTS COMMUNS


Nous, Entrepreneurs et Producteurs, Travailleurs et Chercheurs, prenons les engagements suivants :

- Contribuer activement à l'effort de la transformation structurelle de l'économie malgache à travers l'industrialisation ;
- Assurer la transformation locale de nos ressources brutes pour créer plus de valeurs ajoutées nationales ;
- Susciter un patriotisme économique;
- Faire de l'industrialisation agricole et rurale une réalité ;
- Valoriser les ressources humaines nationales et créer des emplois décents ;
- Valoriser les recherches et les formations pour une innovation effective ;
- Assurer une justice et une équité sociales dans le réinvestissement des fruits de la croissance ;
- Susciter la culture d'excellence et de résultat dans tous les domaines ;
- Suivre, veiller et rappeler les rôles et responsabilités de tous les acteurs concernés par l'application effective des textes juridiques relatifs au travail et des lois sociales, à l'amélioration du climat des affaires et la protection de l'environnement ;
- Dénoncer toute forme d'actions et de mesures défavorisant le développement de l'industrie locale ;
- Défendre toute action visant à protéger l'industrie nationale contre toute concurrence déloyale.

◀ MESURES CONCRETES

Dans une situation où des millions de nos concitoyens manquent de moyens pour mener une vie décente et pour l'intérêt supérieur de la Nation, nous devons agir maintenant. L'Etat étant le garant de l'application de ce changement que nous souhaitons entreprendre, nous sollicitons des prises de décisions et l'application de mesures concrètes de sa part.

1. Nous affirmons la nécessité absolue de considérer l'industrialisation comme étant une priorité pour le développement national.
2. Nous appelons à l'émergence d'un consensus national autour de l'impératif de l'industrialisation.
3. Nous comptons sur un système fiscal et d'accès aux financements soutenant les efforts d'industrialisation.
4. Nous souhaitons une politique commerciale soucieuse des enjeux de l'industrialisation et des adhésions intelligentes aux organisations internationales afin de permettre aux industries nationales de se développer.
5. Nous faisons appel à l'Etat pour qu'il procède à un assainissement de notre économie afin de garantir des conditions favorables au décollage industriel.
6. Nous interpellons les autorités publiques pour la mise en œuvre d'une politique soutenant le développement de l'industrialisation rurale.



7. Nous soutenons une industrialisation basée sur un travail, emploi et salaire qui répondent aux critères d'un travail décent (emplois productifs, protection sociale, dialogue social et respect des lois et textes en vigueur).
8. Nous sollicitons une industrialisation basée sur les dialogues politiques et sociaux entre toutes les forces productrices de la nation, étatiques et non étatiques, où les débats se tiendront d'égal à égal.
9. Nous reconnaissons la nécessité de suivre la voie d'une industrialisation verte soucieuse de la conservation de notre environnement pour le bien des générations futures.
10. Nous prôtons une industrialisation basée sur le patriotisme économique.

Nous appelons nos concitoyens à sortir de leur apathie, à arrêter de subir et à se joindre à notre alliance afin de bâtir ensemble un Madagascar industrialisé, pleinement indépendant et souverain, et qui mette les besoins de ses citoyens, de ses entrepreneurs, de ses producteurs, de ses travailleurs et de ses chercheurs au centre de toute politique économique !

Nous appelons nos concitoyens, toute association, tout syndicat ou parti politique à signer et à adhérer à notre charte. Nous sommes ouverts à tous et encourageons l'adhésion de tous ceux qui désirent contribuer avec leurs idées à notre effort colossal commun



Président du SIM

Fredy Rajaonera



Président du FIVMPAMA

Erick Rajaonary



**ATAMBARO NY HERY !
MITOHY NY TOLONA !**

Présidente de la SSM

Fanirisoa Ernaivo



Coordonnateur de la CTM

Olga Vololona Rakotoarimanga



Président du CREM

Ramiliarison Andriampeno

Antananarivo, le 05 décembre 2017

ANNEXE

◀ L'ENJEU DE L'INDUSTRIALISATION TOUCHE TOUS LES ASPECTS DE LA VIE DE LA NATION

Politique

Le rôle de l'Etat est de garantir une juste et équitable distribution de tout fruit de la croissance économique. L'industrialisation est un moyen efficace afin d'aider l'Etat à assumer cette fonction. L'industrialisation achèvera l'indépendance du pays. Elle est donc bien plus qu'une simple question économique. Elle est une question de souveraineté et de fierté nationale.

Nous devons comprendre qu'un Etat dépendant des donateurs extérieurs ne peut prétendre être un Etat souverain. L'émergence des Nations d'Asie a montré que l'industrialisation est la meilleure voie pour atteindre une véritable indépendance, et pour permettre à un pays d'avoir sa place légitime dans le concert des nations, une place à laquelle elle ne peut prétendre si elle reste toujours au statut de quémandeur.

L'industrialisation est également une question politique à cause de la présence d'intérêts contradictoires. Ainsi, nous nous opposons fermement à toutes les forces jouant des jeux politiques lamentables et antipatriotiques et souhaitons que l'Etat fasse un choix juste en favorisant l'industrie locale pour sortir la nation de son état sous-développé et marginalisé.


Nous sommes conscients que l'émergence d'un consensus national autour de la nécessité d'industrialisation est nécessaire afin de mener celle-ci à bout, et au profit de tous les acteurs de production de la nation. Nous faisons appel à la classe politique pour qu'elle cesse les jeux de la politique politicienne et bâtisse une entente nationale autour de cet impératif.

Economique

« Nous ne produisons pas ce que nous consommons. Nous ne consommons pas ce que nous produisons. » Nous reconnaissons avec tristesse que ce constat sévère du Président tanzanien Julius Nyerere reste d'actualité pour Madagascar. Notre économie est désarticulée, elle ne respecte plus la relation quasiment naturelle entre production et consommation. Pourtant, un pays qui ne produit pas, un pays qui est incapable de transformer ses ressources sera toujours un pays où règnent le chômage et la misère sociale.

Nous avons l'ambition de bâtir une économie qui privilégiera la production nationale. Une économie qui vise la transformation de nos ressources brutes dont nos produits agricoles et miniers dans le pays même. Une économie qui se concentre d'abord sur les besoins des Malgaches et qui donne du travail à des entrepreneurs et travailleurs malgaches afin de satisfaire les besoins des consommateurs malgaches.

Nous envisageons de redéfinir pour Madagascar un système économique qui donne plus de place à l'industrie locale et qui profite pleinement des intégrations dans le commerce mondial. Nous avons l'ambition de changer cette image d'un pays riche par son « réservoir de ressources naturelles » mais dont la population reste pauvre. Nous avons une vision d'un Madagascar industrialisé, prospère et qui fasse du commerce d'égal à égal.



Nous attirons l'attention sur le danger d'une économie basée sur l'exploitation effrénée des ressources et dont les revenus dépendent des prix sur les marchés mondiaux, fixés loin de nous et sur lesquels nous n'avons aucun contrôle. Une économie basée uniquement sur l'exportation de quelques matières premières sera toujours une économie dépendante et extrêmement exposée à des chocs externes, chocs qui ont pourtant de graves répercussions sur la population. Nous sollicitons la priorisation de la création de valeur ajoutée locale afin de maximiser les revenus internes du pays.

Social

Nous promovons l'industrialisation afin de palier au chômage massif dans notre pays. L'essor d'une vraie production dans le pays garantit la création de centaines de milliers d'emplois décents. Nous reconnaissons la nécessité de donner une perspective aux jeunes Malgaches qui veulent rester et réaliser leurs rêves dans le pays. Nous refusons d'accepter que le fleuron du peuple malgache, sa jeunesse, soit contrainte à l'inactivité et la précarité ou soit voué à travailler pour des sociétés se trouvant à l'étranger.

L'industrialisation donnera à notre Etat une base de revenus fiscaux. Avec des revenus stables, l'Etat pourrait enfin réaliser les investissements nécessaires pour garantir à la fois des infrastructures modernes et des services sociaux de base. L'industrialisation serait ainsi la base pour un Etat-providence qui garantirait une vie décente à des millions de nos concitoyens qui souffrent actuellement de la pauvreté.

L'industrialisation se fera avec les travailleurs et non pas à leur dépens. Nous reconnaissons la nécessité d'assurer une protection sociale adéquate, et des salaires décents couplés à l'évolution de la productivité, afin d'assurer qu'une partie de plus en plus large de la population puisse profiter des fruits de l'industrialisation.

← MESURES CONCRETES

1- *La politique nationale de l'industrialisation, une nécessité absolue*

- Nous appelons les parlementaires à voter et à mettre en œuvre dans les plus brefs délais la Loi pour le Développement de l'Industrie à Madagascar (LDIM) qui constitue la première étape de la Politique industrielle de Madagascar. Nous rappelons toutefois la nécessité absolue d'inclure dans cette loi des mesures d'incitation fiscales et douanières afin de favoriser les investissements dans le secteur industriel.
- L'Etat doit faire de l'industrialisation une priorité nationale. L'actuel PND manque encore de vision claire en matière de politique économique et traite la nécessité de soutenir l'émergence de nos industries comme une question secondaire. Plus que jamais, il nous faut de l'ambition et de la vitesse, vu l'état dans lequel se trouvent notre pays et sa population. Nous voulons et nous pouvons faire de Madagascar le leader continental en matière d'industrialisation d'ici dix ans.
- Nous appelons l'Etat à en finir avec la confusion de compétences au sein du gouvernement. Nous proposons un ministère pour l'industrialisation nationale, composé des actuels Ministères chargés de l'Economie, de l'Industrie et du Commerce. Ce Ministère sera doté de tous les moyens afin de faire avancer l'industrialisation.
- Nous appelons l'Etat à faire de l'industrialisation une priorité dans ses négociations avec les partenaires techniques et financiers. Les fonds d'appui doivent alimenter

les projets d'industrialisation. La coopération doit aboutir à surmonter l'assistanat.

- Nous attendons de l'Etat un appui conséquent afin de subventionner les industries locales. Une pratique qui se fait partout dans le monde et qui aide à renforcer le secteur secondaire.
- Nous espérons de l'Etat qu'il prenne ses responsabilités par rapport à la mise à niveau de l'infrastructure routière, de l'énergie, de la sécurité, de l'éducation et de la formation technique qui sont les garants de la réussite du processus d'industrialisation.
- Nous attendons de l'Etat un système fiscal privilégiant les initiatives locales.

2- *Emergence d'un consensus national autour de l'industrialisation*


- Nous appelons tous les représentants de la classe politique à en finir avec la politique politicienne. L'heure est à la formation d'un grand consensus national autour de l'impératif de l'industrialisation. La situation demande des compétitions d'idées sur la manière de développer le secteur de la transformation à Madagascar, à la place des jeux de pouvoir.
- Nous faisons appel aux acteurs politiques pour qu'ils mènent des campagnes sérieuses et arrêtent les tentatives honteuses d'infantiliser la population. Nous annonçons notre résolution d'analyser et de valider les programmes électoraux en fonction de leurs propositions et mesures pour faire avancer l'industrialisation.

3- *Un système fiscal et d'accès aux financements qui soutiennent l'industrialisation.*

- Nous demandons à l'Etat d'en finir avec la politique financière actuelle prônée par le Ministère des Finances et du Budget et imposée par les partenaires techniques et financiers. Plus que jamais, il faut des investissements à Madagascar. Il ne nous faut pas une stabilité de la misère mais un décollage productif. A cet égard, nous attendons de la classe dirigeante une action appuyant la création de richesses, car l'endettement ne devrait être que des réponses à des situations d'urgence, et non une solution pérenne à nos problèmes.
- Nous rappelons à l'Etat la nécessité d'un système fiscal incitatif pour le secteur industriel quelle que soit sa taille, afin que le secteur de la transformation soit attirant pour les investisseurs aussi bien nationaux qu'internationaux.
- La création d'un système financier pour le secteur industriel est de mise. Dans cette optique, la mise en place d'une banque nationale de développement et la facilitation par l'Etat de l'accès aux crédits à des taux raisonnables auprès des banques commerciales permettraient un investissement massif.

4- *Une politique commerciale soucieuse des enjeux de l'industrialisation*

- Nous réclamons une politique commerciale au service de l'industrialisation du pays. Au lieu de signer aveuglement, et sans consultations avec les acteurs économiques, des accords de libre-échange, le pays a besoin de protéger l'émergence d'industries nationales.
- Au lieu du libre-échange, nous prônons le commerce équitable avec la possibilité d'introduire des protections temporaires pour des secteurs spécifiques. Nous rappelons



également que le libre-échange total privera l'Etat à moyen terme d'une partie importante de ses revenus (40% des revenus de l'Etat proviennent actuellement de la douane).

- Nous exigeons l'introduction de la préférence nationale dans tous les marchés et acquisitions d'Etat.
- Afin d'encourager la transformation industrielle sur place, la politique commerciale devrait également inclure des mesures incitatives pour favoriser l'exportation des produits finis par rapport à l'exportation de matières premières à l'état brut.

5- *Assainissement de l'économie*

- L'Etat a le devoir de lutter efficacement, et avec tous les moyens légaux, contre la concurrence déloyale qui gangrène le pays et qui met à mort nos entreprises, causant ainsi une augmentation massive du chômage. Ceci inclut le renforcement de l'efficacité du Conseil pour la Concurrence dont nous déplorons actuellement une responsabilité très limitée et qui est à mettre sous tutelle du Ministère en charge du commerce et de l'industrialisation.
- Nous sollicitons les autorités publiques à voir de près le secteur informel. Des entreprises illégales qui ne paient ni leurs impôts, ni les contributions sociales, freinent l'industrialisation parce qu'ils représentent une concurrence déloyale néfaste à ceux qui respectent les règles du jeu. L'objectif doit être d'élargir l'assiette fiscale au lieu de léser encore plus ceux qui sont déjà en règle.
- Nous appelons l'Etat à assainir les zones franches. Des centaines d'entreprises abusent des agréments de zone franche pour vendre sur le marché local. Ces ventes sauvages et illégales tuent l'industrie malgache.

6- *Une politique soutenant le développement de l'industrialisation rurale.*

- Nous réclamons au gouvernement la volonté de soutenir efficacement les petites et moyennes industries ainsi que les startupper, surtout à travers l'allègement des procédures administratives et l'introduction de structures de financement et d'accompagnement à long terme.
- Nous appelons le gouvernement à mener une politique agricole soutenant l'industrialisation en général, et l'industrialisation dans le monde rural en particulier. Ceci inclut la protection pour nos producteurs de la concurrence internationale, l'expansion de la production agricole, l'accès aux finances pour les producteurs et la création de chaînes de valeurs agro-industrielles dont les produits remplaceront à terme les importations massives. Notre objectif est l'autosuffisance de Madagascar en matière de produits de première nécessité d'ici cinq ans.

7- *Une industrialisation basée sur un travail, emploi et salaire qui répondent aux critères d'un travail décent (emplois productifs, protection sociale, dialogue social et respect des lois et textes en vigueur)*

- Nous réclamons la mise en œuvre du Conseil Economique, Social et Culturel comme inscrit dans la Constitution afin de garantir un dialogue social entre l'Etat, le patronat et les syndicats des travailleurs. Un dialogue social soucieux du décollage industriel comme de la nécessité de faire profiter la plus large partie de la population

de l'émergence d'une production nationale qui garantit la stabilité, réduit l'occurrence de grèves et assurera des emplois et salaires décents.

- Nous demandons à l'Etat d'utiliser une partie des impôts générés par l'industrie pour l'établissement d'un régime de protection sociale, aussi bien en milieu urbain qu'en milieu rural (retraite, assurance maladie, allocation familiale, code de prévoyance sociale). Nous reconnaissons la nécessité de mettre en place à Madagascar un Etat catalyseur qui assure que la population entière profite des retombées positives de l'industrialisation.
- Nous réclamons l'introduction d'un régime de formation professionnelle orienté vers les besoins des industries et basé sur des concertations entre les partenaires sociaux.
- Nous réclamons que l'Etat fasse appliquer à la lettre et impose les règlements du Droit de travail. Nous nous positionnons fermement contre une concurrence déloyale au dépens des travailleurs et qui pénalise les entreprises qui sont en règle.

8- *Nous sollicitons une industrialisation basée sur un vrai dialogue public-privé incluant toutes les forces productrices de la nation, où les débats se tiendront d'égal à égal.*

9- *Nous reconnaissons la nécessité de poursuivre la voie d'une industrialisation verte soucieuse de la conservation de notre environnement pour le bien des générations futures.*

- Nous reconnaissons le danger d'un développement qui n'est pas en harmonie avec les bases de notre survie. Nous réclamons ainsi l'introduction et l'application de mesures exigeant le respect de l'environnement. Nous reconnaissons que l'industrialisation verte est un avantage comparatif pour l'Afrique.
- La fourniture fiable d'énergie est un préalable pour l'industrialisation de notre pays. Nous réclamons ainsi une politique énergétique qui rend possible des investissements massifs et qui, en même temps, assainit ce secteur en mettant fin à des contrats excessifs et abusifs drainant le budget de l'Etat.
- Nous exigeons une politique énergétique qui sorte le plus vite possible du thermique comme source principale. Le thermique, surtout sous forme de gazoil, est la solution la moins écologique, la moins efficace et la plus chère, ce qui retarde l'industrialisation du pays. Nous réclamons à l'Etat de respecter ses engagements internationaux et de baser l'électrification de Madagascar sur les énergies renouvelables, avant tout l'hydraulique et le solaire. Nous envisageons un taux d'accès à l'électricité de 50% d'ici sept ans.



FIV. MPA. MA
FIVONDRONAN'NY MPANDRAHARAHAMALAGASY
GROUPEMENT DE PATRONAT MALAGASY
MALAGASY ENTREPRENEURS ASSOCIATION



ATAMBARO NY HERY !
MITOHY NY TOLONA !



ny famokarana any ambanivohitra sy ny famoronana “chaînes de valeurs” amin’ny fanodinana ny vokatry ny fambolena sy fiompiana, satria ny vokatr’izy ireo no hiantoka ny fanafoanana ny fanafarana entana avy any ivelany. Ny tanjonay dia hahatrarant’i Madagasikara ny fahaleovantena ara-tsakafo ao anatin’ny dimy taona.

7- *Indostria mifaka amin’ny asa sy karama mamaly ny mason-tsivan’ny asa mendrika*

- Takinay ny fametrahana ny filankevitra ara-toekarena, sosialy ary kolotsaina izay voalaza ao anaty lalàmpanorenana, mba hahafahana miantoka ny fifanakalozan-kevitra sosialy eo amin’ny fanjakana sy ny mpampiasa ary ny sendikan’ny mpiasa; fifanankalozan-kevitra izay hitsinjo ny fiaingan’ny indostria ka hampianoka ny besinimaro ao anatin’ny vokatra vokarina eto an-toerana, ka hampiana ny fitokonana sy ny hanome asa mendrika.
- Mangataka amin’ny fanjakana izahay mba handrotsaka ampahany amin’ny hetra miditra avy amin’ny indostria ho fanatsarana ny fiahiana ara-tsosialy, na an-tanàndehibe izany na any ambanivohitra (fisotron-dronono, fiahiana amin’ny aretina, fiahiana ny ankohonana). Tsapanay fa ilaina eto Madagasikara ny fametrahana fanjakana mpanelanelana hiantoka ny fahafahan’ny mponina tsirairay mba hianoka ny vokatsoa azo amin’ny fampiroboroboana ny indostria.
- Angatahanay ny fametrahana ny fampiofanana arak’asa mitodika amin’ny filàn’ny indostria ary hifampierana amin’ny mpiara-miombon’antoka sosialy.
- Takianay ny fampiharana fanjakana ara-bakiteny ireo didy aman-dalàna izay mahakasika ny zon’ny mpiasa. Toherinay marindrano ny fifaninanana tsy aradririny (concurrence déloyale) izay manimba ny mpiasa sy manafay ireo orinasa izay manara-dalàna.

8- *Indostria miainga amin’ny dinika ifanaovan’ny fanjakana sy ny sehatra tsy-miankina ka andraisan’ny hery mpamokatra rehetra eto amin’ny firenena anjara sady tsy mitanila.*

9- *Ekenay ny fizarana mankany amin’ny lalàn’ny fampiroboroboana ny indostria maitso mba ho fiarovana ny tontolo iainana sy hitsinjovana ny taranaka faramandimby.*

- Tsinjonay ny loza ateraky ny fandrosoana tsy mifanindran-dalana amin’ny fototry ny fivelomana. Angatahanay ny fampidirana sy fampiharana ireo fepetra izay miaro ny tontolo iainana. Fantatray fa ho tombondahiny ho an’i Afrika ny indostria maitso.
- Ny famokarana angovo amin’ny fomba azo antoka dia fepetra iray hahazoana mampiroborobo ny indostria eto amin’ny firenentsika. Angatahanay araka izany ny fametrahana politikan’ny angovo izay hahafahantsika mampiasa vola tsy toko tsy forohana sady indrindra koa ahazoana manadio ny sehatry ny famatsiana angovo amin’ny alalàn’ny fampitsaharana ireo fifanarahana mihoa-pampana izay mitroka vola betsaka avy ao amin’ny kitapom-bolam-panjakana.
- Angatahanay ny fialana haingana dia haingana amin’ny fampiasana angovo mampiasa solika (énergie thermique). Ny angovo mampiasa solika, indrindra fa ny mampiasa solika mavesatra no vahaolana tsy manaja ny tontolo iainana indrindra, nefa lafo indrindra ihany koa, ary mampihemotra ny fampivoarana ny indostria eto amin’ny firenena. Ampahatsiahivinay ny fanjakana ireo fampanantenana izay nataony teo amin’ny sehatra iraisam-pirenena mahakasika ny fanaparahana ny herin’aratra azo amin’ny angovo azo havaozina, indrindra ny angovo azo amin’ny rano sy ny masoandro. Miandrandra fahazoan’ny 50% -n’ny mponina misitraka herin’aratra izahay ato anatin’ny fito taona.

Ny fanamoran'ny fanjakana ny fahazoana mindram-bola miaraka amin'ny tahan-jana-bola ambany eny anivon'ny banky dia hamporisika betsaka ny fampiasam-bola.

4- *Politikam-barotra mijery ny lokanadin'ny fampiroboroboana ny indostria, sy fidirana am-piheverana amin'ireo lamina iraisam-pirenena*


- Mitaky politikam-barotra miasa ho an'ny fampiroboroboana ny indostria eto amin'ny firenena izahay. Mila arovana ireo indostria izay vao mivelona eto Madagasikara, ka tsy tokony hanao sonia fahatany ireny fifanarahana ara-barotra izay tsy mijery ny hevitra ny mpisehatra ara-toekarena ireny ny tompon'andraikitra.
- Ny fametrahana varotra tsy mitanila arahina fahafahana miaromandritra ny fotoana voafetra ny sehatra mila izany no ilainay, fa tsy fifanakalozana ara-barotra malalaka. Ampahatsiahivinay fa ny fifanakalozana ara-barotra malalaka dia hanala amin'ny fanjakana ampahany maro amin'ny fidiram-bolany (40% ny fidiram-bolan'ny fanjakana amin'izao fotoana izao dia miankina amin'ny haban-tseranana).
- Takianay ny fanaovana ho laharam-pahamenana ny vokatra avy eto an-toerana (préférence nationale) eo amin'ny tsena rehetra sy ny fividianana entana ataon'ny fanjakana.
- Ho famporisihana ny fanodinana ny akora fototra eto Madagasikara dia tokony hisy fepetra manokana entina mamporisika ny fanondranana vokatra voahodina ao anatin'ny politikam-barotra.

5- *Fanadiovana ny seha-pihariana*

- Adidin'ny fanjakana ny miady amin'ny fomba mahomby sy amin'ny fomba rehetra voafaritry ny lalàna velona amin'ny fifaninanana tsy ara-drariny (concurrence déloyale) izay manimba firenena ary miteraka fahafatesan'orinasa maro eto Madagasikara sy fahaverezan'asa maro, amin'ny alalan'ireo fahefana eken'ny lalàna. Mazava ho azy fa ilaina ny fanamafisan'orina ny fahombiazan'ny Filankevitra momba ny fifaninanana izay hitanay ankehitriny fa voafetra ihany ny fahafahany mandray andraikitra. Torohevitra avy aty aminay ny hametrahana azy eo ambany fiahian'ny ministera miadidy ny varotra sy ny indostria.
- Angatahanay ny hijerena manokana ny sehatra tsy manara-dalàna. Mampikatso ny fiaboroboan'ny indostria ny fisian'ny orinasa tsy manara-dalàna, sady tsy mandoa hetra sy haba no tsy mandray anjara amin'ny fanajariana ara-tsosialy satria izy ireo no mahatonga ny fifaninanana tsy ara-drariny. Ny tokony ho tanjona dia ny fanitarana ny fidiram-bola amin'ny alalàn'ny hetra fa tsy ny fanaovana tsindrihazolena hatrany an'ireo izay efa manara-dalàna.
- Miantso ny fanjakana izahay hanadio ny eo anivon'ny orinasa afak'haba. An-jatony ireo orinasa izay manararaotra ireo fanomezan-dalana maha afak'haba azy ka mivarotra ny entana vokariny eto amin'ny tsena anatin'ny. Manimba sy manapotika ny indostria malagasy izany varotra tsy manara-dalàna izany.

6- *Fametrahana politikam-panjakana manohana ny fivoaran'ny indostria, indrindra ny eny ambanivohitra*

- Mangataka ny governemanta izahay mba haneho fahavononana hanosika ny indostria madinika sy salasalany sy ireo izay vao miforona (Startup), ka hanamora ny fikarakarana taratasy ara-panjakana sy hampiditra rafitra famatsiam-bola sy tosika maharitra.
- Miantso ny fanjakana izahay mba hamolavola politika ho an'ny fambolena sy fiompiana iankinan'ny indostria any ambanivohitra. Tafiditra ao anatin'izany ny fiarovana ny mpamokatra amin'ny fifaninanana avy any ivelany, ny fanitarana



- Antsoina ny fanjakana mba hampitsahatra ny fampifangaroana fahefana eo anivon'ny governemanta. Sosokevitray ankehitriny ny fametrahana ministera misahana ny fampiroboroboana ny indostria izay hivondronan'ny ministeran'ny toekarena, ny indostria ary ny varotra. Tokony omena ny enti-manana rehetra ilainy ho fampandrosoana ny indostria io ministera io.
- Miantso ny fanjakana izahay mba hanao ny fampiroboroboana ny indostria ho laharam-pahamehana amin'ny fifanakalozana miaraka amin'ny mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola. Tokony hanampiana ireo tetikasa ho an'ny indostria ireo famatsiam-bola, ary tokony hanampy amin'ny fialana amin'ny fanampiana lavareny ny fifandraisana.
- Miandrindra fanampiana ara-bola azo tsapain-tanana avy amin'ny fanjakana izahay ahafahana mampandroso ny indostria. Fomba izay fanao manerana izao tontolo izao ahafahana manampy ny seha-piharian'ny indostria.
- Manantena izahay fa handray ny andraikitra tandrify azy ny fanjakana mahakasika ny fanarenana ny fotodrafitrasa momba ny lalàna, ny angovo, ny fandriampahalemana sy ny fanabeazana ary ny fiofanana teknika, izay miantoka ny fahombiazan'ny tanjototra mankany amin'ny firoboroboan'ny indostria.
- Miandry ny fanjakana hanorina rafitra ara-ketra manome vahana ny tetikasa eto an-toerana izahay.

2- Fametrahana teny ieranam-pirenena manodidina ny filàn'ny fampiroboroboana ny indostria

- Miantso ny solotena rehetra mpisehatra eo amin'ny sehatra politika izahay mba hampitsahatra ny lalao politikan'ny fitadiavan-tseza. Ny fananganana firaisankinam-pirenena ho an'ny indostria izao no tokony himasoana. Mila ny fandraisantsika anjara amin'ny fanomezana hevitra ny fahafahana mampandroso ny seha-piharian'ny indostria eto Madagasikara.
- Manao antsoavo amin'ny mpisehatra politika izahay, mba hanao fanentanana matotra mahakasika ny indostria ary hampitsahatra ny fanaovana ny vahoaka ho toy ny zazakely. Ambaranay ary hamafisinay fa vonona izahay handinika sy hanohana ny programan'asan'ny kandida amin'ny fijerena ny fahavonan'izy ireo hampiroborobo ny indostria.

3- Rafitra ara-ketra sy fanamorana ny famatsiam-bola manosika ny ezaka fampiroboroboana ny indostria

- Mangataka amin'ny fanjakana izahay hampitsahatra ny politika ara-bola voizin'ny ministeran'ny vola sy ny fitantanam-bola ankehitriny, ary teren'ny mpiara-miombon'antoka hapetraka. Ankehitriny dia mila mpampiasa vola i Madagasikara. Tsy ilaintsika ny fahamarinan-toeran'ny fahantrana. Mitaky fiaingana mamokatra i Madagasikara. Noho izany dia miandry ny mpitondra mba hanohana ireo asa izay mamorona harena izahay, satria ny trosa dia tokony hiatrehana vonjaitra ihany fa tsy vahaolana maharitra ho an'ny firenena.
- Mampahatsiahy ny fitondrana izahay fa ilaina ny fametrahana fepetra ara-ketra manentana ho an'ny sehatry ny indostria, na toy inona ny habeny na toy inona. Izany dia ahafahan'ny sehatra fanodinana hisintona ny mpampiasa vola na avy eto an-toerana na avy any ivelany.
- Zava-dehibe ny fananganana rafitra ara-bola ho an'ny sehatry ny indostria. Ilaina ho amin'izany ny fametrahana bankim-pirenena ho an'ny fampandrosoana.

fifanarahana ara-barotra eran-tany. Vinanay ny hanova ny endrik'i Madagasikara, mba tsy ho ilay firenena manankarena noho ny harena voajanahary nefa anjakàn'ny fahantrana no ho fantatry ny olona any ivelany. Manana vina izahay fa i Madagasikara dia ho firenena mandroso noho ny indostria, ka hatanjaka sy hianoka ny fifanarahana ara-barotra tsy mitanila.

Misintona ny saintsika rehetra izahay etoana, mahakasika ny loza ateraky ny fitrandrahana tsy misy farany ireo harena voajanahary izay mbola miankina betsaka ihany koa amin'ny fiovaovan'ny vidin'izy ireo eo amin'ny tsena iraisam-pirenena, izay tsy azotsika arahi-maso akory. Ny toekarena miankindoha tanteraka amin'ny fanondranana akora fototra mantsy dia firenena miankindoha hatrany ary mora handairan'ny voka-dratsin'ny dona ivelany, dona izay mihatra mafy indrindra ho an'ny mponina. Mangataka izahay ny hanaovana ho laharam-pahamehana ny famoronana amboniampanga eto an-toerana mba hahafahana mampitombo bebe kokoa ny vola miditra eto amin'ny firenena.

Sosialy

Izahay dia manosika ny fampiroboroboana ny indostria mba hialana amin'ny tsy fananan'asa mitambesatra amin'ny firenena. Ny fioborobonan'ny famokarana eto Madagasikara dia hamorona asa mendrika an'arivony. Ary tsapanay ny maha-zava-dehibe ny fanokafana varavarana ho an'ny tanora malagasy izay te hanjohy ny nofinofiny hiasa ho an'ny firenena, eto an-toerana. Tsy ekenay ny famelana ny tanora izay fototra iorenan'ny firenena ho tsy an'asa, na hanao asa tsy zarizary, na koa voatery hiasa amin'ny orinasa any ivelany.


Ny indostria dia hanampy ny fanjakana hanana fidiram-bola amin'ny alalan'ny hetra. Ary rehefa manana fidiram-bola marina ny fanjakana dia hanana fahafahana hanangana fotodrafitrasa maoderna sy hanatontosa ny andraikiny eny ifotony eo amin'ny lafiny sosialy. Ny indostria dia ho fototra hananganana ny atao hoe "fanjakana mitsinjo ny vahoaka" (na Etat providence) izay hanome fiainana mendrika ho an'ireo mpiara-monina an-tapitrisany izay mijaly ao anaty fahantrana amin'izao fotoana izao.

Ny fampiroboroboana ny indostria dia hiarahana manao miaraka amin'ny mpiasa fa tsy natao hitsentsitra azy ireo. Tsapanay fa ilaina ny fametrahana ny fiarovana ara-sosialy sy ny karama mendrika, izay hiankinan'ny famokarana mivoatra, mba ahafahana miantoka fa migoka ny vokatra ny fioborobonan'ny indostria tokoa ny besinimaro.

◀ FEPETRA MIVAINGANA SY AZO TSAPAIN-TANANA

1- *Tsy azo iodivirana ny fametrahana politikam-pirenena ho fampiroboroboana ny indostria*

- Miantso ny andrimpanjakana mpanao lalàna izahay mba handany sy hampihatra ao anatin'ny fotoana fohy ny lalàna mahakasika ny fampandrosoana ny indostria eto Madagasikara (LDIM), izay dingana voalohany amin'ny fametrahana ny politikam-pirenena mahakasika ny indostria. Ampahatsiahivinay hatrany anefa fa tena ilaina ny fampidirana ao anatin'io lalàna io ny fepetra fanamorana ara-ketra sy fadintseranana ho fanamorana ny fampiasam-bola eo amin'ny seha-piharian'ny indostria.
- Tokony hataon'ny fanjakana ho laharam-pahamehana ny fampiroboroboana ny indostria. Ny PND dia tsy mbola mamelabelatra mazava ny vina mahakasika ny politikam-pirenen'ny ny toekarena ary manao anjorombala ny fampiroboroboana ny indostria. Ankehitriny anefa, mila manana finjavana isika sy manafaingana ny diantsika noho ny toerana misy ny firenena sy ny mponina ao aminy. Tiantsika ary azotsika atao ho mpitarika eto anivon'i Afrika amin'ny fioborobonan'ny indostria i Madagasikara ato anatin'ny folo taona ho avy.



TOVANA

◀ NY LOKAN'ADIN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA DIA MAHAKASIKA NY LAFINY REHETRA AMIN'NY FIAINAN'NY FIRENENA

Politika

Anjara asan'ny fanjakana ny fiantohana ny fitsinjarana ara-drariny ny vokatry ny fandrosoana ara-toekarena. Ny fampiroboroboana ny indostria dia fitaovana iray mahomby ahazoana manampy ny fanjakana hanatanteraka izany andraikitra sahaniny izany. Ny fampiroboroboana ny indostria no hanatrarana ny fahaleovantena feno an'ny firenena. Tsy resaka toekarena fotsiny araka izany ny fampiroboroboana ny indostria, fa mahakasika indrindra ny fiandrianampirenena.

Tokony ho azontsika fa ny firenena miankin-doha amin'ny mpamatsy vola avy any ivelany dia tsy afaka hilaza azy ho mahaleo tena. Ny fivelaran'ny firenena tany Azia dia naneho fa ny fampiroboroboana ny indostria no lalana tsara indrindra hahatrarana izany fahaleovantena marina izany, ary hahazoan'ny firenena iray ny toerana tokony ho azy eo anivon'ny fikambanambe iraisam-pirenena. Tsy hahazo izany toerana izany ilay firenena raha toa izy ka mijanona ho mpangataka hatrany.

Resaka politika ihany koa ny fampiroboroboana ny indostria noho ny fisian'ireo tombontsoa maro samy hafa. Noho izany dia toherinay an-kitsirano ny fisian'ny hery izay manao tsindry politika mamohetra sy mandàny fitiavatanindrazana. Maniry izahay fa ny fanjakana dia hanao safidy mifanaraka amin'ny ara-drariny izay manome vahana ny indostria eto an-toerana mba hamoahana ny firenena amin'izao lavaky ny tsy-fandrosoana sy amin'izao fanaovana azy anjorombala izao.


Tsapanay fa ny fanomezana vahana ny firaisankinam-pirenena izay miainga avy ao amin'ny fampiroboroboana ny indostria no tena ilaina ahafahana manatanteraka izany, ho tombontsoan'ny mpikatroka rehetra amin'ny famokarana eto Madagasikara. Miantso ny mpikatroka politika rehetra izahay, mba hampitsahatra ny filalaovana politika ka hifanome tanana manodidina ny firaisankinam-pirenena.

Toekarena

«Tsy mamokatra izay vokatry jifaintsika isika ary tsy manjifa ny vokatry vokaritsika ». Tsapatsika fa marina loatra eto Madagasikara io teny hentitra nataon'ingahy Julius Nyerere Filohan'i Tanzania, io. Mikorontana tanteraka ny rafitra ara-toekarena eto amintsika. Tsy manaja intsony ny tokony ho fifandraisana eo amin'ny mpamokatra sy ny mpanjifa. Kanefa fantatsika fa ny firenena tsy afaka manodina ny akora eo aminy dia firenena anjakàn'ny tsy-fisian'asa sy ny fahantrana.

Vinanay ny hanangana toekarena manome lanja ny famokarana anatin'ny. Toekarena izay mikendry ny hanodina eto an-toerana ny akora fototra toy ny vokatry ny fambolena sy fiompiana sy ny harena ankibon'ny tany. Toekarena izay mitsinjo ny filàn'ny Malagasy alohan'ny filàn'ny hafa ary mamorona asa ho an'ny mpandraharaha sy ny mpiasa malagasy mba hahafahan'izy ireo mamaly ny filàn'ny mpanjifa malagasy.

Zava-kinendrinay ho an'i Madagasikara ny hamaritry rafitra ara-toekarena manome lanja bebe kokoa ny orinasa malagasy sy mahazo tombony amin'ny fidirana amin'ny



◀ FEPETRA MIVAINGANA


Tsy tokony hijanona fotsiny amin'izao intsony isika satria efa Malagasy mpiray tanindrazana an-tapitrisany maro no tsy afaka miaina intsony fiainana mendrika, satria koa ny tombontsoa ambonin'ny firenena no efa voatohintohina.

Koa satria ny fanjakana no tompon'antoka amin'ny fampiharana izao fanovana irianay hatao izao, dia manainga azy izahay handray fanapahan-kevitra sy fepetra mivaingana.

1. Hamafisinay fa ilaina ny fanaovana ho laharam-pahamehana ny fampiroboroboana ny industria amin'ny maha-fototry ny fampandrosoana azy.
2. Miantso fitadiavana marimaritra iraisan'ny firenena manodidina ny tokony hampiroboroboana ny industria izahay.
3. Manantena izahay fa hisy rafitra ara-ketra sy rafitra manamora ny famatsiam-bola izay manao tantsoraka ny ezaka fampiroboroboana ny industria.
4. Miandrindra politikam-barotra izay manome lanja ny lokanadin'ny fampiroboroboana ny industria, sy fidirana am-piheverana ho mpikambana any anatin'ny fikambanana iraisam-pirenena izahay, ahafahan'ny industria malagasy mivoatra.
5. Miantso ny fanjakana izahay hanadio ny tontolom-pihariana mba ahafahana mametraka ireo fepetra izay mamela ny industria handroso.
6. Manentana ny fitondrana izahay mba hanatanteraka politikam-panjakana manohana ny fivoaran'ny industria eny amin'ny tontolo ambanivohitra.
7. Tohananay ny fananganana industria mifaka amin'ny asa sy karama manaja ny masontsivan'ny asa mendrika (asa mamokatra, fiarovana ara-tsosialy, dinika sosialy ary fanajana ny didy aman-dalana manankery).
8. Miandrindra fampiroboroboana ny industria izay miankina tanteraka amin'ny fifanakalozana ara-politika sy sosialy tsy mitanila eo amin'ny hery mpamokatra rehetra eto amin'ny firenena (fanjakana sy ny sehatra tsy miankina amin'ny fanjakana) izahay.
9. Miaiky izahay fa ilaina ny fizarana mankany amin'ny lalan'ny fampiroboroboana ny industria maitso izay miaro ny tontolo iainanantsika sy mitsinjo ny taranaka faramandimby.
10. Manentana ny fampiroboroboana ny industria mandala fitiavatanindrazana ara-pihariana izahay.

Miantso ny mpiray tanindrazana izahay, hiala amin'ny tsy-firaharahiana ary tsy hiaritra intsony, ka mba hifanome tanana aminay amin'izao Fiaraha-mientana izao, mba aha-zaontsika manangana Madagasikara ivelaran'ny industria, mahaleo tena tanteraka sy manana ny fiandrianam-pireneny ka mametraka ny filàn'ny mponina, mpandraharaha, mpamokatra sy mpiasa ary mpikaroka ao aminy ho ivon'ny politikam-pihariany.

Miantso anareo mpiray tanindrazana aminay izahay, miantso ny fikambanana rehetra, ny sendika sy ny antoko politika mba hiaraka aminay ka hanao sonia ity sata ity. Misokatra ho an'ny rehetra izahay ary manentana ireo rehetra izay maniry ny hiditra sy te hitondra anjara biriky amin'ny alalan'ny hevitra amin'ny ezaka goavana miandry antsika rehetra.



Fanamby ataonay ny mamoka an'i Madagasikara amin'izao kizon'ny tsy-fivoaran'ny toekaren'ny izao, izay efa niainany nandritra ny 60 taona izao. Ny tanjona kinendry amin'izao fiarahanay mientana izao dia ny hanosika ny firenentsika hizotra mankany amin'ny fampanandrosoana haingana ny indostria izay ahazoantsika:

- mampivelatra ireo otri-pamokarana goavana izay ananantsika eo amin'ny sehatry ny fambolena sy fiompiana ary ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany, sy
- manome lanja ny mponina izay hatramin'izao dia tsy miasa feno sy tsy afaka mampivelatra ny famokarana ataony araka ny otri-pamokarany sy ny hambo ananany.

Izahay mpandraharaha, mpamokatra, mpiasa sy mpikaroka dia maneho etoana fa vonona izahay hanome tanana araka izay tratranay, ary manamafy fa izahay dia hiroso ho amin'ny fanarenana ny rafi-piharian'ny firenentsika.

◀ NY TEBOKA IJOROANAY MIARAKA

Izahay, mpandraharaha sy mpamokatra, mpiasa sy mpikaroka dia mifanome teny fa :

- Handray anjara mavitrika amin'ny ezaka amin'ny fanovana ara-drafitra ny toekarena malagasy amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ny indostria.
- Hanao ny fanodinana eto an-toerana ny akora fototra mba ahazoana mamorona « amponiapanga » ho an'ny firenena ;
- Hampitsimoka ny fitiavatanindrazana ara-toekarena ;
- Hampiroborobo ny fananganana indostria any ambanivohitra sy eo amin'ny sehatra fambolena sy fiompiana;
- Hanome lanja ny mpiasa malagasy ary hamorona asa mendrika ;
- Hanome lanja ny fikarohana sy ny fanofanana mamporisika famoronana sy fanavaozana azo tsapain-tanana;
- Hametraka marina ny rariny sy ny hitsiny eo amin'ny fiaraha-monina amin'ny alalan'ny fampiasana indray ny vokatra ny fitomboan'ny harin-karena ;
- Hampitsimoka ny kolontsaina mandala ny lafatra sy mikatsaka vokatra tsara amin'ny lafiny rehetra ;
- Hanaraka sy hanara-maso ary hampahatsiahy hatrany ny anjara andraikitr'ireo rehetra izay voakasiky ny fampiharana ny didy aman-dalana mifehy ny asa sy ny lalàna sosialy, sy ny fanatsarana ny tontolon'ny fandraharahana ary ny fiarovana ny tontolo iainana;
- Hanatsikafona ny tranga sy endrika rehetra izay mety manohintohina ny fampanandrosoana ny indostria eto an-toerana ;
- Hanao tantsoroka ireo hetsika rehetra izay maneho fiarovana ny indostria malagasy manoloana ny fifaninanana tsy manara-dalàna.



◀ TENY FANOKAFANA

Izahay, mpandraharaha sy mpamokatra, sendikan'ny mpiasa sy mpikaroka, dia nanapa-kevitra fa hivondrona ka hanangana ny "FIARAHA-MIENTANA HO AMIN'NY FAMPIROBOROBOANA AMIN'NY FOMBA MAHARITRA NY INDOSTRIA ETO MADAGASIKARA".

Tonga saina izahay ny amin'ny tsy-fandrosoan'ny toekarena, tsy-fandrosoana izay miseholany amin'ny fahantrana misy eo amin'ny fiaraha-monina, amin'ny tsy-fananan'asa sy amin'ny fahitana fa mihafadiranovana hatrany ny mponina. Nanapa-kevitra izahay noho izany fa hivoaka amin'ny fahanginana sy hanambatra ny herinay na dia eo aza ny mety ho tsy fitovian-kevitra misy eo aminay, mba ahazoana manarina ny toe-java-misy sy hizorana amina politikam-pihariana vao eto Madagasikara.

Vina iraisanay ny fanarenana ny firafitry ny seha-pihariana misy ankehitriny eto Madagasikara. Heverinay fa fototry ny tsy-fandrosoan'ny firenena sy ny fanaovana anjorombala ny firenena eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ny firafitra ara-pihariana misy ankehitriny. Firafitra izay mbola miankindoha betsaka amin'ny fitrandrahana harena voajanahary mitodika amin'ny fanondranana any ivelany, ka sokajin'olona vitsy an'isa ihany no mahazo tombony amin'izany. Ny harem-pirenena aminay dia tokony mifaka amin'ny fahaiza-manaon'ny mpandraharaha ao amin'izany firenena izany, ao amin'ny zotom-po sy ny hafanam-pon'ny mpiasa ao aminy, ary ao amin'ny fahavitrihana sy fikirizan'ny mpiasa mpamokatra ao aminy.

Matoa ny firenena tafiditra amin'izao toerana sarotra misy azy izao, aminay dia satria ny firafitry toekarena sy ny politika izay mifanindra-dalana aminy dia misakana ireo hery voatanisa etsy ambony ireo tsy hisonga. Manana hambo anefa izahay hanangana toekarena miainga avy amin'ny famokarana, toekarena izay manome lanja ny fanodinana akora fototra, toekarena izay mitodika amin'ny fanamafisan'orina ny tsena anatin'ny sy atao mba hanomezana fahafahampo ny filàn'ny mponina eto an-toerana aloha.

Hamafisinay etoana amin'ny mpiray tanindrazana sy ny firenena iray manontolo fa ilaina ny fananganana indostria, fananganana izay atao amin'ny fomba maharitra sy mampiaty. Antony ara-politika, ara-pihariana sy ara-tsosialy no mitaky izany fananganana indostria izany, ka heverinay fa tsy ilàm-panazavana hafa intsony.

Efa fantatra maneran-tany ankehitriny fa dingana iray lehibe tsy azo ihodivirana eo amin'ny zotram-pampandrosoana ny toekaren'ny firenena iray ny fampiroboroboana ny indostria.

Ny voankevitra mahakasika ny fampandrosoana izay azo lazaina fa moderna indrindra sy ny fahombizana ara-pihariana hita tato ho ato any Azia, aty Afrika sy any Amerika atsimo dia mampiseho fa ny fananganana indostria no hany lalana tokana ahazoana miala amin'ny fiankinan-doha sy ny fahantrana faobe. Ny indostria mitodika amin'ny fanodinana akora fototra dia azo lazaina fa fo mampitempo ny toekarena. Izy no mampihisy akony be indrindra ny asam-pamoronana sy ny fivoarana ara-teknika. Avy amin'ny alalany no ahazoana manatsara ny vokatry isaky ny mpiasa izay miteraka fihatsarana eo amin'ny fiainan'ny mponina iray manontolo.







ALLIANCE

POUR L'INDUSTRIALISATION DURABLE

Sata fananganana
FIARAHA-MIENTANA HO AMIN'NY
FAMPIROBOROBOANA NY INDUSTRIA



FIV. MPA. MA
FIVONDROAN'NY MPANDRAHARAHIA MALAGASY
GROUPEMENT DU PATRONAT MALAGASY
MALAGASY ENTREPRENEURS ASSOCIATION



ATAMBARO NY HERY !
MITOHY NY TOLONA !

